



“Tsy isika fa ny Fahasoavan’Andriamanitra miaraka aamintsika”

Fianakaviana EGLIZY KELY mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana

MBA HO EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA

MANORONA ETA EGLIZY TRANOBE IOMBONANA

OLO ARAIKY ISIKA JIABY “FRATELLI TUTTI”

Manomboka amin’ny Paka ka hatramin’ny 15 août

ALELOIA PAKA



An-kafaliana sy an-karavoana no anolorako fiarahabana sy firarian-tsoa omban-tsodrano ho antsika “Olo Araiky Jiaby Fratelli Tutti” amin’izao Paka 2021 izao. Tsy mihambahamba aho ny milaza fa tena Paka Manokana ity Paka ity satria iarahantsika mianakavy midera sy manome voninahitra an’Andriamanitra noho ny fankalazana an’i Kristy tafatsangan-ko velona izany hoe hanambarantsika amin’ny feo manakoako ny fandreseny ny ratsy ary matoky isika fa anisan’ny ratsy resy ity KORONTANAVIRUS ITY. Joyeuses Pâques isika jiaby Aleloia !

Fianakaviana Eglizy kely mikajy ny soa iombonana mifanasoa sy mifampitsimbina, mikatsaka ny soa iombonana manomboka amin’izao Alahadin’ny Paka izao ka hatramin’ny 15 Aogositra no dingana ataontsika indray hanaovantsika “DEPART VAOVAO” mba HO EO V MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO

TABERNAKLA VELONA;

Vokatry ny Paka Fitsanganan-ko velona ny fiovam-penitra mahery vaika mitondra amin’ny “départ vaovao”, amin’ny Pantekôty vaovao andrasantsika : “miara-maty amin’i Kristy amin’ny fahotana isika ka miara-mihavao, miara-mitsangan-ko velona Aminy”. Fianakaviana Eglizy kely olom-baovao vokatry ny Paka ka mifampitsimbina sy mifanasoa satria “OLO ARAIKY ISIKA JIABY NAMPIHAVANIN’I KRISTY MPAMPIHAVANA”. Io no Antso avo sy hiaka nataon’i Papa François ao amin’ny Ansiklika “Fratelli tutti”. Hoy Papa tamin’ny tanora teny Soamandrakizay : “tsy mahazo milaza amin’ny akaikinao hoe tsy mila anao aho...”.

Izao tokoa ny vanim-potoana tsara ho an’ny fianakaviana eglizy kely mifanasoa sy mifampitsimbina hanao “Départ Vaovao”, Pantekoty vaovao : EO V Misionera vita batemy ka irahina zary tabernakla velona mizara ny famindram-pon’Andriamanitra... Io fifampitsimbina sy fifanasoavana io no antom-pisian’ny Fikambanana masina sy Firohotana ary ireo Vaomieran’asa isan-karazany. Manambara fa Fahazavana sy Fanasina ka tena Kristy Mpiara-belona amin’ny olona tokoa. Miova ny fifandraisana eo anivon’ny fiarahamonina ka manjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy hitsiny ary tanteraka ny fihavanana marina izay soatoavina mamintsika Malagasy..... Ity fifampitsimbina sy fifanasoavana ity no mampibaribary fa tena Olo Araiky tokoa isika ka zary ETA Eglizy Tranoben’Andriamanitra tsy misy mifanilikilika, tsy mifanapotika fa mifampitsimbina, mifanasoa...

Fihavanana sy ny Ansiklika “Fratelli Tutti” (Olo Araiky isika jiaby)

Tsy afaka hanao fandalinana antspiriany isika eto fa hampisongadina zavatra vitsivitsy ahafahantsika MIFAMPIZARA, miroso amin’izay “départ vaovao” izay tsy départ Zéro (0) fa fiangana vaovao, Pantekoty vaovao.

Isaorantsika Andriamanitra, isaorana koa ny Papa fa ao anatin'izao Taom-pikatrohana izao no nanoratra ny Ansiklika "Fratelli Tutti" izay tena manampy antsika tokoa amin'ny dinika ataontsika rehetra. Indro àry tsoa-kevitra vitsivitsy arosontsika.

TENA SOATOAVINA MARINA VE NY FIAVANANA.... ?

Ny tontolom-piainantsika malagasy dia efa manana fiaraha-miaina efa mipetraka, ka ny fototra dia ny fihavanana sy ny fianakaviana.

Tsara ny manamarika fa raha miteny fianakaviana ny Malagasy dia tonga ao an-tsaina voalohany ny ankohonana ao an-tokantrano ao fa tena marina mivelatra kokoa ny atao hoe « fianakaviana » amintsika malagasy. **Tsy inona ny fianakaviana fa ireo manodidina vokatry ny fihavanana.**

Mahenika ny fiainan'ny Malagasy manontolo ny fihavanana ka sarotra ny mamaritra ny tena dikany marina. Azo lazaina fa tsy misy dikany mazava amin'ny teny frantsay tahaka tsy mampisy dikan-teny mazava ny teny hoe « étranger » amin'ny teny malagasy. Satria mety lazaina ho « vahiny » ny asidinao (anadahin-dreny) raha tsy miaraka mitoetra aminao nefa mazava fa tsy « étranger » izy.

Azo lazaina aza fa mamboly fihavanana ny Malagasy amin'ny toerana rehetra alehany. Io no fihavanana malagasy ary maneho ny maha-malagasy azy. Izany no mahatonga azy hilaza hoe: «Ny olombelona toy ny ladim-boatavo ka raha fotorana iray ihany», «tsy ny varotra no taloha fa ny fihavanana»...

Ary azo lazaina aza fa ny fiaraha-monina no mamaritra ny mahaizy azy ny tsiraray. Mahatsapa fa tena « olona feno » eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy izy araka ny anjara toerany fa tsy « singa » iray eny ho eny fotsiny...

FIANAKAVIANA VOA-JANAHARY.... FIANAKAVIAN-JANAHARY

Miavaka kosa eto ny Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra, Fianakavian-Janahary hanavahana azy amin'ny fianakaviana voa-janahary.

Ny dikan-teny hoe Eglizy (ecclesia) dia « ireo vondron'olona samy nahatsapa ho voaantson'Andriamanitra hiombona ». Izany hoe vokatry ny antson'Andriamanitra (ecclesia) sy valy avy amin'ny tenanao natosiky ny safidy no MANORINA NY EGLIZY. Noho izy fanorenana dia tsy vita indray mandeha fa asa mitohy. Modely eto ny nanorenan'Andriamanitra ny vahoakany tany an'efitra rehefa avy nanafaka azy tany Ejipta. Fantatsika ny anjara toeran'ny Teny Folo (Didy Folo) sy ny Finoana (izay midika fihainoana ny Tenin'Andriamanitra) tamin'ny dingana maro isan-karazany mandrapahatongan'io vahoakan'Andriamanitra io hatrany amin'ny Tany Nampanantenaina. (Tsara vakiny eto ny Bokin'ny Eksaody)

Noho izany raha hijery sy handinika mikasika ny antso avo, hiaka nataon'i Papa ao amin'ny Ansiklika « Fratelli tutti » isika dia tsy ilay fianakaviana voa-janahary no tiana asongadina eto fa ny FIANAKAVIAN-JANAHARY.

Mba ho SADY KRISTIANINA NO MALAGASY ny Fianakavian-janahary resahintsika eto dia ho raisintsika ny soatoavina Fihavanana araka ny nanolorantsika teo ambony. Tsy afenina fa voafetra ny fihavanana ary efa manomboka tsy hita ny maha izy azy. Mifototra loatra amin'ny tombotsoa ny Fihavanana. « Ny aterokalao » no mamaritra ny fifampizarana sy fifanampiana ao amin'ny fihavanana amin'ny ankapobeny. Henamaso no mamaritra ny fifandraisana vokatry ny teny ierana. Hotsapantsika fa mila fanadiovana io soatoavina sarobidy toa ny vatosoa « hita eny an-tsaha » io. Amin'izay raha « vadio » ny fihavanana (**fihavanana « évangélisé »**) dia tsy inona fa io ny « fratelli tutti » velabelarin'i Papa ao amin'ny Ansiklika ka mitondra amin'ny maha-« Olo Araiky isika jiaby », vokatry ny fivelomanana ny firahalalana sy fifankatiavana amin'ny lafiny ara-tsôsialy raha atao amin'ny teny hafa fifampitsimbina eo anivon'ny fiaraha-monina... Izany no antony nifidianana ny fihavanana, ny fianakaviana, ny FIANAKAVIAN-JANAHARY entina mamakafaka ny hafatry ny Papa « FRATELLI TUTTI », *araka ny nofinofiny hoe* : « Andao hiaraka hanonofy toa ny olona iray, tahaka ireo mpandeha zary OLO ARAIKY, tahaka ireo zanak'ity tany iombonana itoerantsika ity, samy mitondra ny talentany sy harenan'ny finoany na ny fahalalany tsy azo ozongozonina, samy manana ny fiteny, tena mpirahalaly jiaby ; (n°8). Io nofinofin'i Papa io indrindra no ankalazantsika amin'ny Paka. Mankalaza an'i Kristy FIAVANANTSIKA (Jereo Ef 2, 14-18 : Fa izy no Fihavanantsika...)

Fanontaniana iarahantsika mifampisedra

Inona avy no manimba ny fihavanana amin'izao androntsika izao?

Inona no tsy ampy amin'ny fihavanana?

Inona no vahaolana arosanao mba fihavanana voadio araka ny Evanjely (fihavanana évangéliste) ny fihavanana ?

TONDROZOTRAMAIKA TSY AZO IALANA NY FIFAMPITSIMBINANA SY FIRAHALAHIANA ARY NY FIRAISAN-KINA.....: AOKA HO SAMARITANINA TSARA FANAHY...

Mba tsy ho nofinofy fotsiny fa tena “départ vaovao” ny fanorenana FIANAKAVIAN-JANAHARY EOV MISSIONERA MANORINA ETA ary tena mifanaraka tsara amin'ny hafatry ny Papa : “na rendrika isika satria mandeha samy mitady ka mifandrava sy mifanapotika na tafita satria mifampitsimbina sy mifanasoa amin'ny fikatsahana ny soa iombonana”.

Natolotr'i Papa ho fampianarana ny fanoharana ny Samaritanina Tsara Fanahy... (Lk 10, 25-37)

Tsara hovakiansika miaraka...ary indrindra hampihatra ny fomba fiasa : MIJERY - MITSARA – MIASA - MANKALAZA mandritra ny fandalinana io fanoharana io.

Aoka ho tsapantsika fa niainga tamin'ny fanontaniana napetrak'ilay Mpampiana-dalàna hoe : Inona no ahazoana ny fiainana mandrakizay ?.... Iza no namako ? ny fanoharana nataon'i Jesoa

Fanontaniana iarahantsika mifampisedra

Tsara mijery ireo olona voalaza sy mandray anjara ao amin'ny fanoharana ?

Iza io lehilahy naratra teny an-dalana ? Jereo ny manodidina... jereo ny fikambanana na firohotana... jereo ny fianakaviana...Jereo ny fiaraha-monina... jereo ny Eglizy ?

Iza io jiolahy nanafika io ?

Iza io levita io ? Iza io Mpisorona io ?

Iza io Samaritanina io ? ...

Iza io Tompon-trano ao amin'ny Tranom-bahiny io ?

Hoy i Jesoa amintsika : « Manaova toy izany ...

INONA ARY NO TSY MAINTSY ATAONTSIKA....POLITIKA TENA IZY... POLITIKA TSARA ?

Milaza miara-mahita isika fa maro ny zavatra ravarava vokatry ity KORONTANAVIRUS ity. Tsy krizy ara-pahasalamana fotsiny fa krizy marolafy no atrehina amin'izao : ara-ekonomika, ara-politika, ara-tsôsialy, ara-piaraha-monina....

Mila fanarenana maika tsy azo ialana ny fiainantsika, ny fifandraisana telo fototra ny maha-olona (fifandraisana amin'ny zava-boaary, fifandraisana samy olombelona, fifandraisana amin'Andriamanitra...)

Efa potika ny fiheverana ny pôlitika. Nefa ny pôlitika dia tsy inona fa fitadiavana ny soa iombonana ho an'ny tanàna. Efa tamin'ny hafatra nataon'i Papa François tamin'ny Taom-baovao 2019 no namaritra fa tena fivelomana na faratampony ny fanehoam-pitiavana ny fanaovana ny politika ... **Tsy nisalasala izy nilaza fa lalan'ny hasambarana ny fanaovana politika raha tena politika tena izy.**

Fanontaniana iarahantsika mifampisedra

Ahoana ny fahitanao ny politika amin'izao ? Mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Eglizy ve? Inona no mahasamihafa azy?

Ahoana ny fahitanao ny krizy sôsialy amin'izao?

Inona ny sakana tsy afahana mametraka fifampitsimbina sy ny fikatsahana ny soa iombonana? Inona no torolalana atolotrao

Raha amin'ny lafin'ny pôlitika, inona ny dikan'ny hoe « olo araiky isika jiaby » (fratelli tutti)...

Inona no mahasamihafa ny marimaritra iraisana sy ny fahamarinana ?

Inona no anjara toeran'ireo vaomiera sôsialy eo anivon'ny Eglizy, eo anivon'ny fiaraha-monina (Justice et Paix, Caritas, ACP, Diocèse vert...).

Inona no azonao atao amin'ny fampijoroana sy famelomana an'ireo vaomiera ireo ? Inona ny vato misakana ? Manomeza vahaolana azo ampiharina.

Inona no manapotika ny pôlitika ? aza mitanisa fotsiny fa hazavao...

Inona ny vahaolana azonao aroso ka azo ampiharina (fohy ezaka, ivo ezaka, lavitr'ezaka)...

Azo eritreretina ve izany fihavanana voadio (fihavanana évangéliste) eo anivon'ny fiaraha-monina izany ?

Inona avy ny toetra ilaina hahatongavana amin'izany fihavanana voadio izany ? Inona no mety dikan'ny hoe « izaho ho an'ny fianakavian-janahary fa tsy ny fianakavian-janahary ho ahy » ?

MD JOSEFA MODELY SY MPIVAVAKA...



Amin'izao andro sarotra izao no nanomezan'i Papa François an'i Md Josefa ho modely sy mpivavaka... Noho ny fahitany fa marary ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana dia nanao antso avo izy fa **mila FONDRAY (Patris corde), mila Baba, mila Raiamandreny izao andro azo.** Nasongadiny àry ireo toetr'i Md Josefa hianarantsika. Manasa antsika hamaky io taratasy io. Tia sy nanompo ny Fianakaviana Masina i Md Josefa. Lehilahy marina, mahitsy izy. Tena mila Raiamandreny mivelona ny fahamarinana, hanabe ny fianakaviany handresena ny lainga sy fitapitaka ary ny risoriso izay manapotika ny fiainana andavanandro. Lehilahy sahy, tsy mavoza « miaro » (gardien) sy « mikolokolo » ny Fianakaviana Masina (mampahatsiaro ny vokasiona voalohany tao amin'ny sahan'i Edena, nasain'Andriamanitra hiaro sy hikolokolo i Adama...). Lehilahy niasa namelona sy nanabe ny Fianakaviana Masina ka nahatonga ny olona niantso an'i Jesoa zanak'i Josefa Mpandrafitra, Ilay Mpandrafitra...

RAHA FINTININA DIA NIVELONA NY FOTOTRY NY FAMPANARAN'NY EGLIZY MIKASIKA NY RARINY SY NY HITSINY (JUSTICE ET PAIX ARY NY ACP), MIKASIKA NY FIFARIMBONANA SY FIFAMPITSIMBINANA (CARITAS), MIKASIKA NY FIAOVANA SY FIKOLOKOANA NY TONTOLO IAINANA (DIOSEZY MAINTSO) satria lehilahy marina sy tia vavaka izy, lehilahy niasa satria Mpandrafitra no niantsoana azy ary ilay Zanaky ny Mpandrafitra no niantsoana an'i Jesoa... **ARY IANAO, IZAHO, ISIKA JIABY MBA AHOANA?**

Fanontaniana iarahantsika mifampisedra

Ahoana ny fahitantsika ny vokasion'Adama tao Edena ? Mbola tanteraka ve ? Raha tsia, inona ny ntony ? Inona ny vahaolana azonao aroso ? (aza mitanisa fa hazavao tsara mba hahafahantsika mampihatra azy)

Ahoana ny fahitanao ny raiamandreny amin'izao androntsika izao ?

Inona torolalana azonao atolotra raha miresaka amin'ny raiamandreny ianao ?

Inona ny olana tsy ahafahana mametraka ireo torolalana ?

Ahoana ny vaomieran'ny fianakaviana aty aminareo ? Inona ny tolo-kevitra arosonao ?

Inona no atao mba hanampy ny fianakaviana hisokatra amin'ny asa fanehoam-pitiavana ? amin'ny fiarovana ny rariny sy hitsiny ? ahafahana mizara fanantenana amin'ireo efa kivy ?

FAMARANANA SY FANIRAHANA

Mbola mamerina ny fiarahabana sy firarian-tsoa ho antsika Olo Araiky Jiaby ary mitalaho amin'Andriamanitra mba handrotsaka ny tsodranony amin'izao Paka izao, mba ho Paka tokoa ny fiainantsika ka ho feno Aleloia. Ho "départ vaovao" amin'ny fifampitsimbina sy fifanasoavana vokatry ny fahasoavana noraisintsika ka ho **OLO ARAIKY TOKOA ISIKA JIABY HO FRATELLI TUTTI.** Mitoera àry ao amin'i Kristy ary Izy hitoetra ao amintsika dia hamokatra be ny fiainantsika. Homba antsika mianakavy anie ny Tompo, ho tanteraka tokoa izany ary hitso-drano sy hitsimbina antsika anie Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra Ray, Zanaka sy Fanahy masina. Amen. Mangataka vavaka ity Mpanomponareo

ANTSIRANANA, Anio 25 Mars 2021

FANKALAZANA MANETRIKETRIKA NY FILAZAN'NY ANJELY : ANNOCIATION

*Benjamin
c.m.*



Ny Mpanomponareo P Evêque RAMAROSON Benjamin Marc, cm